# Ilay Voa Tsara Nafafy 20 Jolay 2018

# 20 Zoma jolay

**Fa isika tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra, mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika.** 1 Korintiana 2. 12

### Amin'ny alalan'Andriamanitra

Tao anatin'ny lamasinina mba handeha ho any ampina aho, no nahita teo amin'ny takelaka afisy mihodina, hoe : „Ity lamasinina ity dia mankany Lyon Part-Dieu", arahin'ny dikany amin'ny teny anglisy manao hoe : „Ity lamasinina ity dia mankany Lyon amin'ny alalan'Andriamanitra". Samy nihomehy ireo mpandeha nanodidina ahy, niresaka momba io dikanteny diso io : ny teny hoe „la part-Dieu" (ny anjaran'Andriamanitra) dia nadika hoe : „amin'ny alalan'Andriamanitra". Niditra tamin'izany resaka izany aho, ka nanaiky koa hoe diso ilay dikanteny. „Nefa raha tena halalinina, dia tsy diso tsy akory ilay hevitra : tena amin'ny alalan'Andriamanitra tokoa no ahafahantsika ho tonga soa any amin'izay toerana alehantsika". Gaga ireo mpandeha, nijery ahy, somary sadaikatra saingy nanongilan-tsofina. Nohararaotiko izany, mba hiresahana amin'izy ireo ny momba Ilay Andriamanitra tia ahy.

Ny vanimpotoana iainantsika mantsy, indrindra fa any Eoropa, dia voamariky ny fanadinoana an'Andriamanitra, Izay matetika no tsy eo amin'ny fiainantsika mihitsy. Misy olona mandà ny fisiany, ny hafa mody tsy mahafantatra na mandositra Azy. Andriamanitra kosa, tena mahafantatra antsika. Izy no nampisy antsika, ary tiany ny haneho ny tenany amin'ny tsirairay. Izy no nitia voalohany, ary tiany ny olona tsirairay. Tiany hovonjena ho afaka amin'ny ratsy sy ny loza isika. Manana drafitra mitondra fitiavana sy fahafahana ho anao Izy.

Ry mpamaky, namana, raha mitodika amin'Andriamanitra an-kitsimpo ianao, manambara aminy ny zavatra mihazona anao na mampihemotra anao ao amin'ny finoana kristiana, dia hamaly anao Izy. Satria tia anao Izy.